29 جمادى الأولى 1446
01/12/2024

# الإسلام دين رسل الله

# Ny finoana Islamo dia finoan'ireo Mpaminany sy Irakan'ny Tompo Allah

# Ny finoana Islamo dia finoan'ireo Mpaminany sy Irakan'ny Tompo Allah

Ny finoana Islamo dia ny fanoloran-tena manokana ho amin'i Tompo Allah, ilay Mpamorona sy Mpandrindra an'izao rehetra izao, ary ny fanekena Azy noho ny fitiavana sy ny fanamboniana misy eo Aminy. Ny fototry ny finoana Islamo dia ny finoana sy fanekena an'i Tompo Allah, fa Izy irery ihany no Mpahary, ary ny rehetra ankoatra Azy dia zava-boahary nohariany avokoa, ary Izy irery no mendrika ho Tompoina ka tsy misy mpiombonan-toka Aminy, ary tsy misy azo tompoina am-pahamarinana afa-tsy Izy irery ihany, Izy dia manana ireo Anarana Tsara indrindra sy ny Toetoetra Avo izay sahaza ny vonahiny, ary Azy avokoa ny fahafenoana tanteraka, tsy mba iharan'ny fahabangana, tsy niteraka Izy ary tsy nateraka, ary tsy misy mitovy na mira Aminy na dia iray aza amin'ireo zavaboary nohariany, ary tsy miseho vatana amin'alalan'iza na iza amin'ireo zavaboariny Izy .

Ny finoana Islam dia izy no voalaza fa finoan'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha, izay tsy ho raisiny amin'ireo Olombelona velively ny finoana hafa ankoatrany, ary izy no finoana nentin'ireo Iraka sy Mpaminany rehetra (A.S) izay nifandimby teto antany.

Anisan'ny fototry ny finoana Islamo ny finoana an'ireo Iraka sy Mpaminany rehetra izay nifandimby teto Antany, ary nandefa ireo Iraka i Tompo Allah mba hampita ny didiny amin'ireo rehetra Mpanompony ary nampidina ihany koa ny Boky tamin'izy ireo, ary ny farany tamin'izany dia i Mpaminany Mouhammadi (S.W.A), nalefan'i Tompo Allah Izy mba hitondra ny fitsipika sy rafitra ary ny lalàna farany izay hanafoana tanteraka ireo lalàn'ireo Iraka sy Mpaminany teo alohany, notohanan'i Tompo Allah tamin'ny Porofo lehibe Izy, ary ny lehibe indrindra tamin'izany dia ny fahatongavany Boky masina Koroany, Boky mirakitra ny Tenin'Ilay Mpahary, Tompon'izao tontolo izao, Izy no ilay Boky lehibe indrindra fantatrin'ny Olombelona hatrizay mandraka an-kehitriny, mahagaga tanteraka ny votoatiny sy ny teny ao Aminy ary ny fehezanteniny misy ao Aminy no misy ny fitarihana ho amin'ny fahamarinana izay mitondra ho amin'ny fahasambarana eto an-tany sy ny any ankoatra, ary izy io dia voatahiry hatramin'izao amin'ny teny arabo izay nampidinana Azy, tsy nisy na dia litera iray niova na novaina tao Aminy.

Anisan'ny fototry ny finoana Islamo ny finoana ireo Anjely, ary ny finoana ny Andro farany, amin'izany no hananganan'i Tompo Allah ny

Olona hivoaka avy ao ampasany amin'ny Andro fitsanganany amin'ny Maty mba hitsarana azy ireo amin'ny asa rehetra izay nataon'izy ireo, ka izay nanao Asa soa sy nino dia hahazo fahasoavana maharitra ao amin'ny Paradisa, ary izay tsy nino fa nanao ny Asa ratsy kosa dia hahazo sazy lehibe mahery vaika any amin'ny Afo-be, ary iray amin'ireo fototry ny finoana Islamo ny finoana sy fanekena amin'izay rehetra efa nalahatr'i Tompo Allah, na Tsara izany na Ratsya

Ary mino ny avokoa ny vahoaka Mpino Mpanaraka ny finoana Isilamo fa i Mpaminany Issa (Jesoa) dia Mpanompon'i Tompo Allah sy Irany ihany koa, ary Izy dia tsy zanakan'i Tompo Allah. Satria i Tompo Allah dia lehibe, ary tena tsy mendrika Azy ny hanana vady na koa zanaka, fa i Tompo Allah kosa dia nilaza tamintsika ao amin'ny Boky masina Koroany fa i Mpaminany Issa (A.s) dia Mpaminany izay nomen'i Tompo Allah fahagagana maro samy hafa, ary i Tompo Allah no naniraka azy hiantso ny vahoakany mba hivavaka amin'i Tompo Allah irery ihany, tsy misy mpiombona Aminy, ary nolazainy Tamintsika fa i Mpaminany Issa (A.s) dia tsy nitaky tamin'ireo Olona ny hanompoan'izy ireo Azy, tsy vitan'izany ihany koa fa Izy dia nanompo an'ilay Mpahary Nanamboatra Azy.

Ny finoana Islamo dia finoana mifanaraka tsara mihitsy amin'ny maha Olombelona ny Olombelona izay voajanahary sy ny saina mahiratra eo Aminy, ary manaiky Azy avy hatrany ny fanahy tsy mitanila, lalàna napetrakin'ilay Mpahary Lehibe ho an'ny zavaboary nohariany izany rehetra izany, ary Izy io ilay finoan'ny hatsarana sy fahasambarana sy fahombiazana ho an'ny Olombelona rehetra, ary tsy mba nanavaka karazan'olona amin'ny hafa, na volokoditra amin'ny hafa, ny Olona rehetra eo Aminy dia mitovy tantana avokoa, ny halehiben'ny soa vitany ihany no mampiavaka ny Olona iray amin'ny hafa ato amin'ny finoana Islamo.

Ka voadidy fa tsy maintsy ary Obligatoara amin'ny Olona manan-tsaina rehetra ny hino sy hanaiky an'i Tompo Allah ho Tompo, sy ny finoana Islam ho finoany, ary i Mpaminany Mouhammadi (S.W.A) ho Irakan'i Tompo Allah, ary io didy io dia tsy ananan'ny Olona safidy na dia iray aza ny eo Aminy. Satria i Tompo Allah no mbola hanontany Azy amin'izany amin'ny Andro farany amin'izay navaliny an'ireo Iraka tamin'ny antsony. Fa raha toa ka Mpino Izy dia hahazo fandresena lehibe sy fanambinana, fa raha tsy Mpino kosa Izy dia hahazo fatiantoka miharihary tsy azo takonana.

Izay rehetra lina ka tia-hiditra amin'ny finoana Islam dia tsy maintsy miteny an'ilay Teny hoe : (Izaho dia mijoro ho vavolombelona fa tena tsy misy Tompo marina mendrika ho tompoina afa-tsy i Tompo Allah ary Izaho sy ny Tenako dia mijoro ho vavolombelona ihany koa fa i Mpaminany

Mouhammadi (S.W.A) dia Irakan'i Tompo Allah), fantany ny dikan'ilay teny no sady hinoany; ka aorian'izany Teny izany Izy dia tsy maintsy mianatra tsikelikely ny sisa amin'ireo lalàna sy fitsipikan'ny finoana Isilamo, mba hanatanterahany izay rehetra nandidian’i Tompo Allah Azy. https://byenah.com/mg

**الفهرس**

Ny finoana Islamo dia finoan'ireo Mpaminany sy Irakan'ny Tompo Allah 3